## Esplanade Analakely
# Miroso ny fandaminana ireo mpivarotra amoron-dalana 6

**Amosa 5: 14** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 27 septambra 2018


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Sabotsy 29 septambra 2018 Laharana 820 Vidiny : 400 Ar


**Kandidà Ravalomanana N°25** 2

# Fahombiazana ny diany tany Bruxelles



**Telma Coupe de Madagascar** 6

# Alefa USCAFOOT



**MPAMONJY VOINA CUA** 5

## Ho afaka miditra hatrany amin'ny toerana saro-dalana



**Malaso 30 lahy nanafika tanàna** 6

## Olona 2 maty, omby 30 tsy hita ny nanjavonany

**FPMA** 5

## Hanangana foiben-toerana iray lehibe eny Ambohimanga

**CNAM** 7

## Hanatanteraka ny EducCNAM etsy amin'ny Hotel Carlton

**Daka kely**

Angaha ny sonagaly no hifidy an'ialahy ry Boaikely a !

**Tranombarotra Baolai** 7

## Nahatonga entana vaovao lohalaharana amin'ny kalitao



FIFIDIANANA

# Mametraka ny fanantenany amin'ny filoha Ravalomanana ny Malagasy

Sivy taona katroka izao no niaina tao anaty fahasahiranana sy fahantràna lalina ny vahoaka Malagasy, noho ny fanonganam-panjakàna nisy teto amin'ny firenena ny taona 2009. Very fanahy mbola velona tsy manana fanantenana amin' ny fiainan-koavy ny maro an'isa noho izany satria ilay masoandro efa nihiratra tamin'ny fitondràna Marc Ravalomanana dia potika sy rava tao anatin'ny indray mipi-maso. Dia mirehareha ankehitriny ireo naka fahefàna tamin-kery tamin'izany fa izy indray hono no Mesia hanavotra ity firenena ity. Rehefa hitan'ny filoha Marc Ravalomanana N°25 ny fijalian'ny Malagasy nandritra ny fitetezam-paritra nataony dia mitsatoka ao ampony ireny rehetra ireny : "tsy maintsy hanavotra ny firenena aho", hoy izy. Izany no nahatonga ny teny filamatra hoe " mpanangana fa tsy mpandrava isika ". Nanambara ombieny ombieny izy fa hanompo ny firenena no andro iainany sisa satria raha ny mifanohitra amin'izany no ataony dia aleony nijanona niaina am-pilaminana tany Afrika Atsimo. Nandritra ny fotoana nanaovany sesitany ny tenany tany Afrika Atsimo, tsy sasatra niantso antarobia ireo mpitolona teny amin'ny Magro ny filoha Marc Ravalomanana fa tsy maintsy ho avy Dada na ho mora na ho sarotra e!. Noho izany rehetra izany dia manangam-peo ny vahoaka Malagasy maro an'isa fa Dada ihany no fanantenana ho azy ireo hanavotra ity firenena ity. Efa hita maso ny zava-bitany fony izy nitondra ny firenena, saingy nisy nisompatra teo antenantenany izany dia rava. Ny zavatra efa vitany kosa mipetraka tsy ho adinon'ny taranaka fara mandimby na efa tetehin'ny sasany tsy ho hita amin'ny tantara intsony aza, volamena milatsaka am-bovoka i Dada ka tsy avelan'ny soa tsy hamiratra.



***Helisoa***

Kandidà Ravalomanana N°25

# Fahombiazana ny diany tany Bruxelles

Hihaona amin'ireo teratany Malagasy any Eoropa any Paris renivohitra Frantsay anio ny kandidà N°25, Marc Ravalomanana. Mialoha izay, nandritra ny 3 andro izy no tany Bruxelles renivohitr'i Belgique, misy ny foiben-toeran'ny Vondrona Eoropeana koa, nihaona tamina tompon'andraikitra tao amin'ity vondrona ity. Raha fehezina dia fahombiazana ny diany tany Bruxelles. Ankoatra izany, misy ny hafatra nataon'ny Filoha Ravalomanana tany an-toerana: manao izao fanambarana sy antso ho an' ny Diaspora aty Eoropa izao aho, hiteny aminareo fotsiny aho hoe tena manao arak'izay azo atao mba hahafahana manamafy sy mampitombina ny zavatra resahina amin'izay kabary atao etsy sy eroa atao any an-tanindrazantsika ary dia tsy nionona mihitsy ny saiko raha tsy nahita ireo tomponandrikitra ao amin'ireo institutions aty Bruxelles: ny fikambanana Eoropeana. Tafahaona tamin'izy ireo aho namomboka ny alatsinainy, talata ary alarobia sy androany alakamisy. Mbola manana fotoana aho amin' ny 9 sy amin'ny 10 ora, porofo izany fa tena mbola ao tsara daholo mihitsy ny fifampahatokisana nisy. Handeha hihaona amin'ny Diaspora any Paris aho amin'ny sabotsy 29 septambra (tanio), ka dia tongava maro indrindra ianareo mpitarika ireo associations ny Tim Frantsa, na my Kmmr, na izay hery hafa tsy voatanisa na ny olona tsirairay aby, manasa anareo aho ho tonga ao Paris, ilay toerana moa tsy dia mbola fantatro tsara fa anontanio ny namana any, fa ho avy ao aho hilaza aminareo sy hametraka hafatra tsara mialohan' ny hodiako any Madagasikara. Raha misy fanontaniana tianareo hapetraka rehefa tonga any aho dia apetraho, raha misy mpanao gazety ento, fa tena misy zavatra tiko hambara ary feno tsara mihitsy izany izao ny fifampatokisana sy ny antoka hoe : ahoana no hahavitantsika tsara ny fanarenana an'i Madagasikara. Isika olona mpanorina, mpanangana, mpanamboatra indray; fa tsy mpandrava, na mpandoro, na mpandrodana. Noho izany dia tsy maintsy miasa miaraka isika mba hahita fahombiazana, koa mamerina indray aho, tongava fa hihaona aminareo aho: sabotsy 29 Septambra ao Paris.



***Isambilo***

Depiote Horace

# Nanampy tamin'ny fanamboarana digy tao Amorona

Notohizana tamin'ity herinandro ity ny fidinana ifotony ho fanohanana ireo tantsaha nataon'ny depiote Marie Horace Rasoanoromalala, voafidy tamin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tamin'ny alalan'ny asa fanatevenana ny digy tao amin'ny Fokontany Amorona, Boriboritany faha-6. Sady fotoana koa izany nampahalalana sy fampahafantarana ny Kandida N°25, ny Filoha Marc Ravalomanana, niarahany tamin'ny Distim Antananarivo faha-6 : notarihan'ny filoha Gabriel Rafiliberasoa sy ny sekretera jeneraly Tahina ary ireo Mpikambana ATS, ny mpikambana FokoTim Ambaravarankazo sy Amorona. Hotohizana amin'ny asa tanamaro ny asa ka ny depiote Horace no hiantsoroka izany nanomboka omaly zoma. TIM miasa miasa hatrany, miasa ihany, ho fampandresena ny filoha Marc Ravalomanana no nantitranterin'izy ireo nandritra izany fidinana ifotony izany.

***Isambilo***



*Ny asa fanamafisana digy nataon'ny depiote Horace sy ny antoko TIM Boriboritany faha-6.*

## Ny Valosoa sy fakafaka

Fampianarana

# Tsy hita soritra izay ho fanampian'ny fanjakana

Miditra amin'ny fotoana fiomankomanana tanteraka amin'ny fampidirina mpianatra ankehitriny ireo ray aman-dreny maro. Eo ny fividianana ireo kojakoja sy fitaovam-pianarana izay nisondrobidy avokoa ary nanagorobaka ny kitapom-bolan'ny isan-tokantrano. Manampy izany rahateo ny saram-pianarana sy pitsopitsony tsy maintsy aloa vola any an-tsekoly hianaran'ny ankizy. Manginy fotsiny ny fitafiana isan-karazany. Mazava loatra fa fotoan-tsarotra ho an'ny ray aman-dreny izao vanim-potoana izao satria efa lazoin'ny sondro-bidim-piainana tsy mitsahatra isan'andro amin'ireo entana sy sakafo tsy maintsy jifaina mbamin'ny saran-dalana misondrotra no mbola manampy trotraka ny fampidirana mpianatra. Tsy hita soritra anefa hatreto izay fihetsiky ny fitondrana ho amin'ny famahana olana sy fanampiana ny ray aman-dreny. Mampahatsiaro indrindra ny zava-nitranga tamin'ny fotoanan'ny tetezamita ny zava-misy ankehitriny, izay nisiana ray aman-dreny maro nizara ny alahelony sy ny tsy zakany intsony amin'izay fampidirana ny zanany an-tsekoly izay. Nidina an-dalambe sy nankeny Ambohijatovo izy ireo naneho izany, kanefa tsy nisy nivaky loha tamin'izy ireo na iray aza ny tompon'andraikitra teo anivon'ny fitondrana tetezamita notarihan-dRajoelina Andry. Navelan'izy ireo nodanian'ny hainandro sy harerahana teo ireo ray aman-dreny reraky ny fahasahiranana. Avy eo anefa niseho ho mitsinjo mpianatra ery ny fitondrana naneho fihetsika fihatsarambelatsihy tany amin'ireo sekoly sasantsasany efa nosafidiana manokana amin'ny lafiny politika. Mbola niaraha-nahita ary izany hatramin'izao fitondrana izao.

"Raha hanangana firenena vanona, tsy maintsy ampianarina ny ankizy", hoy ny filoha Ravalomanana Marc, izay politika efa nataony izany tamin'izy teo amin'ny fitondrana, ary mbola vonona tanteraka ho amin'izany izy amin'izao fotoana izao. Manana traikefa rahateo amin'izany ny tenany ary efa niaraha-nahita izany, toy ny momba ny kit scolaire, ny fitsinjovana ireo mpianatra amin'ny sakafo mampatanjaka azy amin'ny fotoanan'ny maitso ahitra izay tena mahasahirana mafy ireo ray aman-dreny maro manerana ny Nosy manontolo. Ireo nanongana azy nandroba fitondrana sy ny fitondrana Hvm no niana-kendry naka tahaka izany, izay hita ho nitavozavoza sy nibaribary ny fampifangaroana politika izany, fa hafa ihany ny tena mahalala ny fototra fampandrosoana ity firenena ity sy nifofotra ho amin'izany. Eo izay rehetra izay, fampahatsihavana ihany, fa hatreto aloha dia adinon'ny fitondrana ny ray aman-dreny momba izay fanampiana azy ireo amin'ny fampidiran-janaka. Variana amin'ny resaka politika sy fifidianana amin'ny ankapobeny izy ireo, ka tsy mahita vahaolana izay tena tokony hatao sy ilaina tanteraka amin'izao fotoana izao, ary tokony ho laharam-pahamehana mihitsy aza raha fitondrana mitsinjo vahoaka marina.

***Sôh'son***

Fampielezan-kevitra alohan'ny fotoana

# Manomboka mihazo an'Alaotra ireo kandida

Efa maromaro sahady ireo kandidà izay efa nandalo taty Alaotra, indrindra nanomboka tamin'iny herinandro lasa iny, izay nitohy tamin'ity herinandro ity. Misy ireo izay avy hatrany dia namory vahoaka ankalamanjana ary nisy kosa ny nisoko miadana tany ambanivohitra. Hatreto, samy milaza ho babany avokoa ireo rehetra izay nandalo taty an-toerana ary samy nampanantena an'i Babay sy Lohovohitra. Manomboka mahay mihaino sy mandalina ihany koa anefa ny vahoaka aty Alaotra, ka nisy ireo izay niala maina raha nitetika ny hamory olona. Hatreto dia tsapa fa mbola misy ihany ny manao kobaka am-bava, ka milaza fa mahavita ny hanao mirakla na fahagagana rehefa mahazo toerana.

***Raoul***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fampielezan-kevitra : misy mibirioka any amin'ny fomba mamohehitra

Amin'izao enina herinandro, mialohan'ny fifidianana ho filoham-pirenena izao dia tsy maintsy misy mamoaka vaovao momba izany ny haino aman-jery rehetra ary zary ambetin-dresaky ny sokajin'olona izay liana hahafantatra ny tranga sy ny hetsika ataon'ireo kandidà 36. Tsy mionona amin'izay hitany sy reny anefa ny tsirairay fa miady hevitra sy manao tombatombana amin'izay vokatra hivoaka. Misy amin'ireo mpikirakira tambazotra sosialy kosa tena miaramilan'i satana ka tsy misaina toy ny olombelona manam-panahy intsony, fa miaina toy ny « foza orana », ka tsy manan-katao hafa tsy mandrava sy mamono ary mametaveta ny tontolo manodidina azy. Tsy manafintohina fotsiny ny zavatra naparitaka fa tena tsy fampiseho masoandro mihitsy satria tsy mitaiza sy manabe ny mpiserasera fa manapotika ny maha olona ilay kandidà nanaovana ny kisarisary. Stratejia politika entina hampisehoana fa manana ny herijika ary misy vahoaka maro manohana mety hahatongavana amin'ny fandresena no nilazana fa « premier tour » dia vita. Azo sokajiana ho fifaninanana masina ny fifidianana izay ho filoham-pirenena kanefa ny kisarisary noketrehina dia mivoana tanteraka amin' izany satria ny olona nisaina azy dia tsy miaina ny kolontsaina malagasy ary tsy ao aminy ny lanjan'ny soatoavina lolohavina an-tampon'ny loha, ka tsy mahatakatra zavatra ankoatry ny eo ambany foitra izay tandindon'ny ankolafin'olona miaina amin' izany. Amin'izao famaranana ny Repoblika IV izao dia mipoitra daholo ny tari-drano an-kilahila nataon'ny fitondrana HVM, ka rariny sy hitsiny raha tsy miandry ny voka-pifidianana dia samborina sy hanaovana fanadihadiana izay rehetra nifandray tendro tamin'izany na inona toerana nisy azy na avy aiza izy na avy aiza. Iaraha-mahalala ihany koa fa misy amin'ireo kandidà ireo no voasaringodringotra amin'ny afera maloto kanefa dia afaka mifaninana tsara. Tokony ho tafiditra tao amin'ny mason-tsivana ny mety nahavoasaringotra ireo mpifaninana tamina raharaha maloto na tsia fa tsy nionona tamin'ny tsy fahampian'ny taratasy takiana fotsiny. Ny zava-doza mety haterak'io toe-javatra io mantsy dia raha sanatria ka lany ireny olona ireny dia ho afa – maina fotsiny satria efa eo am-pelatanany ny fahefana ka tsy hisy sahy hikitikitika azy intsony. Tsy misy na dia iray amin'ireo kandidà ireo aza ny tsy mihevitra ny hampandroso sy hisintona ity Firenena ity avy ao amin'izao lavaka mangotanatanan'ny fahantrana izao. Ny mampanahy anefa dia tsy vitsy amin'izy ireo no efa nitazona andraikitra ambony taorian'ny fanonganam-panjakana ka azo lazaina fa tomponandraikitra amin'izao toerana misy ny Firenena izao. Hihaona amin'ny tanora, hono, ny mpiketrika ny IEM rehefa avy nanao fampielezan-kevitra tany ivelany sy namoaka boky izay nosokajian'ny trano fivarotam-boky ho anisan'ny bokin'ankizy. Manantena ny fanohanan'ny tanora eto an-toerana ny kandidà laharana 12 raha toa ka nijabaka tany amin'ny sehatra tsy mifanentana amin'ny fari-pahalalany izy tany Frantsa satria tanora niaina ny toe-draharaha tamin'ny taona 2009 ireo nifanehitra taminy. Ny kandidà sasany eto an-toerana kosa dia mampiteny any amin'ny haino aman-jery ny talen'ny fampielezan-keviny handresy lahatra ny mpifidy kanefa saika fanasoasoana no betsaka fa tsy hita loatra izay programan'asa mivaingana. Na dia any ivelany aza ny kandidà laharana faha-25, Ravalomanana Marc, mifampidinika amin'ny vondrona iraisam-pirenena sy firenena vistivitsy momba izay mety ho fiaraha-miasa, ny ekipany sy ny mpiara-dia ary ny mpanohana kosa miketrika ny tetikady sy hetsika entina handresendahatra ny mpifidy ary ny fomba hampandresena azy. Ny fahaizana mandamina tokoa no mampahomby.

**Andry Tsiavalona**

Filoha Ravalomanana

## Nampakatra ny fiainan'ny tantsaha

Nahafantaran'ny vahoakan' Alaotra an'i Dada na ny Filoha Marc Ravalomanana ary tsy mbola ahafoizan'ny olona azy hatramin'izao ny nanatsarany sy nampiakarany ny fari-piainan'ny tantsaha. Izy no voalohany nahafantaran'ny olona ny « kubota » sy ny moto izay efa lasa fitaovam-pihariana iainan'ny rehetra amin'izao fotoana izao. Azo hambara fa nahatsara ny seha-pambolena taty Alaotra ny nampidirany ireo fitaovam-pamokarana manara-penitra avy any ivelany izay nahafahan'ny tantsaha nampitombo ny vokatra. Mbola io fampiakarana ny voka-pambolena io ihany koa ankehitriny no hiandrandran'ny vahoaka aty Alaotra an'i Dada rehefa tonga eo amin'ny fitondrana izy. Tsy maty ao am-ponay ny soa vitan'Andriamatoa Ravalomanana Marc hoy ny vahoaka, ka ahasahianay milaza fa tsy misy miala amin'ny laharana faha-25 amin'io fifidianana izay ho Filoham-pirenena io. Betsaka no manantena azy araka izany ny mponina ary maniry ihany koa ny handalovany aty Alaotra indray. Avelao hitabataba izay hitabataba fa mahavita an'izatsy na izaroa ary afaka manao izatsy na izaroa hoy ihany ny vahoaka aty Alaotra, fa ny anay efa tokana ny safidy satria ny asa efa natomboka no ho tohizana indray na dia noravan'ny fitondrana tetezamita mpanongam-panjakana aza.

**Raoul**



Festival Rodorodo

## Fanamafisana ny firaisankina any Manjakandriana

Ny 28 ka hatramin'ny rahampitso 30 septambra dia tanterahana any Manjakandrina faritra Analamanga, ny Festival Rodrodo, hetsika ara-kolontsaina sy ara-panatanjahantena. Sambany no anatanterahana ao amin'ny renivohitr'i Vakiniadina : Manjankandriana izao hetsika izao, izany hoe andiany voalohany ity hetsika atao ity. Hivoaka mandritra ny festival ny paik'ady hampandrosoana ny faritra. Tonga nanome voninahitra izany omaly ny Ministry ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana arak'asa, Ramatoa Rahantasoa Lydia Aimée, izay sady zanak'i Vakiniadina. Misy ny soatoavina raiketin'izany festival izany dia endrika firodorodoan'ny mpianakavy, fanehoana firaisankina ihany koa. Hetsika ara-javakanto, hanehoana ny maha izy ny kaominina 25, ary fikarohana ny vahaolana hampandrosoana ny faritra ihany koa no hita mandritra izany.



*Ny ministra Rahantasoa Lydia, nandritra ny fanokafana ny Festival Rodorodo, tany Manjakandriana omaly.*

**Isambilo**

## NY TENY FIAINANA

*Efesiana 5:13*

*Fa ny zavatra rehetra, raha anarina, dia asehon'ny mazava; fa na inona na inona aseho dia mazava.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Aoka hahay hifandamina ny KMMR sy ny TIM



**Tahina Nearin'ya :** aoka isika handinika tsara an'ity : efa akaiky ny fotoana ary efa heno aty daholo ny tsy fetezan-javatra rehetra any ka manentana anareo MPITARIKA na TIM io na KMMR , mahaiza mifandamina ary aoka samy mijery ny tanjona fa tsy tokony hisy ambony noho io aloha izao. Aoka isika hahay hifandefitra fa miankina be dia be amintsika no mampahomby ny tolona, tsarovy fa isaky ny 5 taona anie vao misy fifidianana e ! De aoka hahay hifandamina hoa eee! Ataovy mendrika an'i Dada ny asan'ny zanany eee!

**Anie Mino :** Tahina a, toa tsy mba ao anatin'ireo liste reo aky ny aty atsimo andrefana! Nefa izahay aty dia maro koa ny mpanohana ny Filoha Marc Ravalomanana N°25 a!

**Heriniaina Fanantenana :** marina zany, aoka samy hahay hibanjina ny ho avy fa tsy sanatria ny anio ihany, sao dia hanenina. Tsy misy afa tsy dada ihany no afaka hanafaka antsika @ zao fahasahiranana zao tadidio fa miasa mafy reo ADV hanapotehina antsika. Samia tahin' Andriamanitra isika rehetra.

**Odette Lisinirina :** tena marin'izany! miasa miaraka tsara daholo de ny fandresena no tanjontsika, 1er tour dia vita io. Raha araka ny renay dia i Dada no nitarika tamin'ilay sondage nataon'ny FES sy ny Politikà, dia matahotra ny fankana, indrindra ny adv. Lasantsika io e! mila miasa mafy sy mifandamina hatrany, tsy tokony hisy intsony fanilikilihana.

**Nampoina Harizakaniaina Rabenjamina :** 1er tour d vita, Dada ihany ny antsika= 25 be dia be.

## TONONKALO

### Faly aho polisy malala

**(atolotra ny polisy rehetra noho ny fiarahamiombom-bavaka – 06 oktobra 2018)**

Faly dia faly aho polisy malala
Nandre anareo fa hoe hiara-mivavaka.
Fihetsika tena tsy manan-tsahala
Ka `ndeha hoderaina fa isan`ny miavaka !

Faly dia faly aho polisy malala
Rehefa ianareo no hitaona hivavaka,
Indrindra raha tena mba vonona hiala
Amin`ny kolikoly mitondra any an-davaka.

Faly dia faly aho polisy malala
Rehefa ianareo no ho lohalaharana,
Hitaona sy hanentana ny hafa hiala
Amin`ny asa maloto tsy mety mifarana.

Faly dia faly aho polisy malala
Fa tena ho tafarina ity firenena,
Raha toa ny polisy no hamerina am-bala,
Ireo efa nilaozan`ilay fahendrena .

**SEDERA RAVALISON (27-09-18)**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny fanolorana fitaovana ny mpamonjy voina tetsy Tsaralalàna avy amin'ny malala-tànana.










## Sakafo Ny Valosoa



**Sakafo be proteina, henomby sy tsaramaso indray** no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao rony izany, azo atao somary ketsaketsa misy saosy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Mahasoa ho an'ireo olana manana olana amin'ny havokavoka

Torohevitra mahasoa ho an'ny manana olana eo amin'ny poumons na havokavoka toy ny voan'ny asthme, na avy amin'ny fifohana sigara, kohaka, bronchite, sns...

Zavatra ilaina: siramamy mena na siramamy gasy 1/2kg, tongolo mena 1/2kg, voasary makirana 2 na 3 isa, rano madio ½ l, tantely pure 7 sotro lehibe. Atsonika ambony afo malefaka atao anaty vilany madio ny siramamy sady haroina tsy mijanona, arotsaka ny tongolo efa voatetika, haroina tsara ary arotsaka ny rano, saronana ny vilany ary avela hiketrika ao ka rehefa ny ampahatelony sisa ny ranony dia esorina ambony afo, avela hangatsiaka tsara. Arotsaka ny tantely sy ny ranon'ilay voasary makirana, haroina tsara, atao anaty tavoahangy na bocale madio sy misarona tsara, avela hilona ao mandritra ny indray alina dia azo ampiasaina amin'izay. Ny olon-dehibe mihinana 1 sotro lehibe, in-telo isanandro: maraina, antoandro, hariva, alohan'ny sakafo. Ny zazakely indray mitovy amin'io ihany fa omena amin'ny sotrokely. Tohizana mandra-pahasitrana. Apetraka amin'ny toerana madio sy tsy azon'ny masoandro na hafanana. Rehefa mahatsiaro sitrana ka mbola misy ambiny ny fangaro dia tsy azo tehirizina fa manamboatra vaovao indray raha sendra mila amin'ny manaraka. Tsy mila frigo.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Mandritsara any amin'ny faritra Sofia

Ny tanànan'i Mandritsara any amin'ny faritra Sofia indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ny tanànan'i Mandritsara. Renivohitry ny faritra Androna koa no filaza azy. 42 km avy eo aminy no misy ny valan-javaboahary manokan'i Marotandrano. Mpamboly vary ny mponina, be omby koa iny faritra iny, misy tsenan'omby noho izany i Mandritsara. Tsimihety ny mponina any, saingy hita any avokoa ny mponina avy amin'ny lafy valon'i Madagasikara. Mandalo ity tanàna ity ny reniranon'i Mangarahara, izany mamatsy rano izany tanàna izany.



## Amosa 5: 14

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 27 septambra 2018

***Amosa 5: 14 "Ny tsara no tadiavo, fa aza ny ratsy, mba ho velona ianareo; Ka dia homba anareo tokoa AHO JEHOVAH, araka izay efa nolazainareo"***

Araka izany ary ry mponin'ny tany, averiko ihany : IZAHO JEHOVAH no mampanoratra ary izay ampanoratina dia fitaovana fotsiny. Ao amin'izay lazaiko dia tsy misy tsangan-tanana, tsy misy ady hevitra fa fankatoavana sy finoana ary fanekena. Eto AHO JEHOVAH dia miteny manao hoe : tsy misafidy izany ianareo, tsy avelako hisafidy izany ianareo. Fa raha ny tianareo dia io fiainana an-tany mandalo io, dia hoy AHO hoe : tsy misy fahasambarana ao, fa tereko mihitsy ianareo hiditra ao amin'ny FANJAKAKO. Ny fidiranao ao dia tsy misy afa-tsy ny fanekenao hibebaka, tapa-kevitra hiala amin'ny fahotana sy ny heloka dia mamela ny fahadisoanareo rehetra JESOSY ka mamindra fo, izay vao atao Batisan'ny rano toy ilay tao Jordana. Matio 3: 5. Ary ny mponina rehetra tao Jerosalema sy Jodia, mbamin'ny tany rehetra, amoron'i Jordana dia nivoaka nankany amin'i JAONA ka nataony Batisa ireny, rehefa niaiky ny fahotany. Hitanareo amin'izany fa tsy azo atao Batisan'ny rano raha tsy avy nibebaka. Izany hoe : mibaboka eo anatrehan'i JESOSY fa diso, ratsy, nanota, aoka mba ho IZY irery ihany no ilazanao ny fahotana sy ny heloka izay vitanareo fa tsy olombelona na oviana na oviana. Ny fibebahana mantsy dia asanao manokana, resaka ataonao manokana eo anatrehan'i JESOSY, tokony tsy misy mahalala na ray na reny niteraka na vady andefimandry na iray tam-po na namana na olom-piangonana eny na dia ireo mpitondra fivavahana aza. Anjara asan'i JESOSY ny mihaino sy mandray ny fibebahan'ny olona. Ny fahotana izay vitan'ny olona anankiray dia voasoratra ao anatin'ilay boky izay nomeko anarana hoe : BOKIN-DOZA. Io boky io dia misy anjely manoratra tsy an-kiato. Raha mbola tsy voavonjy ny olona iray dia voarakitra ao ny anarany fa izy koa mbola manana boky izay anoratana ny fahotana rehetra vitany ary misy anjely manoratra tsy an-kiato koa izany. Rehefa mibebaka ianao, tapa-kevitra miala amin'ny fahotana, tena miaiky, I Jaona 1: 9 "*Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra*". Voavela amin'ny alalan'i JESOSY, dioviny amin'ny RANY Madio sy Masina vao mandalo Batisan'ny rano. Miaraka amin'izay ny asan'ilay anjely, kosehina ny anaranao ao amin'ilay boky firaiketana ny anaran'ny mpanota ary mikatona manomboka eo ilay boky fanoratana ireo fahotana vitanao. Izay vao afindra ao amin'ilay boky nomena anarana hoe : BOKIN'NY FIAINANA indray ny anaranao, manomboka eo vao atao hoe olom-boavonjy, manomboka fiainana vaovao. Raha izany rehetra izany no dinihina sy jerena, dia ny olona izay efa mahalala ny fahotany izany no miaiky fa diso, tsy mendrika ary mibebaka. Fa ny zaza kosa dia atolotra an'i JESOSY ka tsofiny rano mba ho voaaro ny fanahiny, tsy voapentimpetina fahotana mba tsy ho tra-doza mba tsy hiaran-java-mahory mba tsy handalo ankaso tsy ho tratran'ny ozona, tsy manao hadalana, tsy ho voasarik'izao tontolo izao amin'ny fombany, tsy voakorontan'ny devoly ny fiainany, tsy mora azon'ny aretina. Fehin'izany rehetra izany dia tezaina ao amin'ny Fiangonana ny zaza araka ny Soratra Masina. Ny Teniko no fiainany, ny Fanahy Masina no mitarika azy ary JESOSY no momba sy miahy azy mandra-pahatongan'ny zaza na ilay ankizy eo amin'ny faha- 12 taonany. Misy dikany JESOSY 12 taona tao amin'ny Tempoly, misy dikany JAONA 12 taona nentin'ny Fanahy Masina tany an'efitra ary misy dikany koa izany izao FANAMBARAKO izao: raha vao feno 12 taona ny ankizy dia tokony efa atao Batisan'ny rano satria efa mahalala fahotana, ary rehefa tsy vita izany eo amin'io taona io izy dia mitatra ny ditra sy hadalana ka sarotra ny fitaizana ry Fiangonana sy ray aman-dreny mitaiza isany. Izany no zava-miafina tokony ho fantatrareo, tokony harahinareo. Tonga ny fotoana izay hanatanterahako ny Teny, Apokalypsy 21: 5-8 "*Ary hoy Ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana: Indro, havaoziko ny zavatra rehetra. Ary hoy koa Izy: Soraty; fa mahatoky sy marina ireo teny ireo. Ary hoy koa Izy tamiko: Tanteraka ireo. Izaho no Alfa sy Omega, ny fiandohana sy ny fiafarana. Izaho hanome maimaimpoana amin'ny loharanon'ny ranon'aina ho an'izay mangetaheta. Izay maharesy no handova izany zavatra izany; ary ho Andriamaniny Aho, ary izy ho zanako. Fa ny osa sy ny tsy mino sy ny vetaveta sy ny mpamono olona sy ny mpijangajanga sy ny mpanao ody ratsy sy ny mpanompo sampy ary ny mpandainga rehetra dia hanana ny anjarany ao anatin'ny farihy mirehitra afo sy solifara; izany no fahafatesana faharoa*". Tandremo ary fa ny Fibebahana tsy andrakandrana na fombafomba fa fanavaozam-panahy. Izany dia arahina fifonana izay midika fa tsy hamerina fahotana sy hadalana intsony. Hebreo 6: 6 "*nefa nihemotra, dia tsy azo havaozina indray ho amin'ny fibebahana, satria manombo ny Zanako Jehovah Andriamanitra indray amin'ny hazo fijaliana ka manao Azy ho fahamenarana.*"

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

(mbola hitohy)

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## MPAMONJY VOINA CUA

# Ho afaka miditra hatramin'ny toerana saro-dalana

Ho afaka miditra hatramin'ny toerana saro-dalana ny mpamonjy voina eto Antananarivo Renivohitra. Nanome fitaovana maoderina mahavita izany asa sarotra izany ho azy ireo omaly ny olona tsara sitrapo malalatanana avy amin'ny fianakaviana Razakarivony, sy ny orinasa Madecasse, ao anatin'ny fikambanana Phénix. Fitaovana maro ahafahana manatsara ny asa vonjy taitra ho an'ny mponina no maro ao anatin'izany, toy ny fisintonana rano raha sendra misy ny tondra-drano izay mahavita mitroka rano 6000 litatra isaky ny iray minitra, azo entina any anelakelantrano saro-dalana. Eo ihany koa ny kojakoja maro ampiasaina amin'ny famonjena voina. Ny mpamonjy voina ihany koa tetsy andaniny, nahazo fitaovana ampiasaina amin'ny asany sy ahafahany miaro ny tenany . Na dia sarotra aza ny lalana nitondrâna ny fitaovana teto an-tanindrazana dia tsy nikely soroka ireo mpanome, fa tonga teto Antananarivo renivohitra ireo fitaovana ireo. Nisolo tena ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana nandritra ny lanonana tao Tsaralalàna foiben-toeran'ny mpamonjy voina eto an-drenivohitra, ny lefitra voalohany ny ben'ny tanàna, kolonely Ramboasalama Emilien, ny filohan'ny filankevitry ny tanàna, kolonely Faustin Andriambahoaka sy ireo mpiaramiasa akaiky amin'izy ireo, ary ny lehiben'ny mpamonjy voinan'ny CUA, komanda Francky Ramanoara.



*Ireo manam-pahefana nijery ireo fitaovana vao azo.*

***Aly***

## Boriboritany faha-5 (CUA)

# Nanadio tatatra efa tsy azo ampiasaina teny Ambodivona

Mbola nitohy hatramin'ny alakamisy teo ny asa fanadiovana ny tatatra eny amin'ny Canal Andrianampoinimerina Ambodivona, Boriboritany faha-5 eto Antananarivo Renivohitra. Nanatanteraka izany ireo ekipa teknika avy eo anivon'ny Boriboritany fahadimy. Nohon'ny fahatsentsenana tafahoatra mahazo ity tatatra ity dia tsy vita indray mandeha ny asa izay efa natomboka ny 24 Septambra lasa teo. Natao izao asa izao mba ho fisorohana ny mety ho fiakaran'ny rano rehefa fotoam-pahavaratra. Araka izany dia entanina hatrany ireo mponina mba hitandro ny fahadiovana ka tsy hanary fako any anatin'ireny tatatra ireny, ary mba ho rano ihany no ariana eny amin'ireny toerana ireny, satria izay tsy mandoto dia efa manadio.



*Ny fanadiovana tatatra teny Ambodivona.*

***Aly***

## FPMA

# Hanangana foiben-toerana iray lehibe eny Ambohimanga

Tsy manao politika politisiana ny FPMA na ny Fiangonana Protestanta Malagasy any Andafy ary tsy manohana kandidà, anisan'ny nisongadina izany nandritra ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety nataon'ny mpitarika izany fiangonana izany teny amin'ny Foibe Frenjy Faravohitra, ny alakamisy lasa teo. Afaka miara-miasa amin'ny rehetra kosa izy ireo amin'ny fanaovana asa sosialy samy hafa. Mandalo eto Madagasikara amin'izao fotoana izao ny filohan'ny FPMA Réverend Docteur Jean Ravalitera, sy ny filoha mpanampiny Roland Ratiarison, nanotrona azy ireo koa ny avy amin'ny SFPMA na ny Sakaizan'ny FPMA eto an-tanindrazana. Fampahafantarana ity fiangonana ity sy ny asany no natao tamin'izany, ny FPMA izay hankalaza ny faha-60 taonany amin'ny taona ho avy 2019. Tanjony mandritra izany ny fampiraisana ny kristiana na sarotra aza araka ny teny filamatr'izy ireo ao amin'ny Jaona 17: 21 manao hoe :" mba ho iray ihany izy rehetra", araka ny fanazavan'ny filoha mpanampy ny FPMA, Roland Ratiarison. Anisan'ny asa lehibe hataon'ny FPMA eto an-tanindrazana hoy ny filohany Réverend Docteur Jean Ravalitera ny fanaovana foibe iray lehibe eny Ambohimanga Avaradrano mahakasika ny ara-pahasalamana, ny ara-tsaina, ny ara-panahy ary ho toeram-pialam-boly koa izany. Na misy aza ny fiangonana 2 ao amin'ny Federasiona ny Fiangonana Protestanta any Frantsa mitso-drano ny fanambadian'ny lahy samy lahy, na vavy samy vavy, ny FPMA kosa dia tsy manaiky an'izany. Marihana fa misy Paroasy na fiangonana 40 tafo amin'izao fotoana ny FPMA, efa misy ihany koa ny sampany any Norvège sy any Munich Allemagne.

***Isambilo***

MALASO 30 LAHY NANAFIKA TANÀNA

## Olona 2 maty, omby 30 tsy hita ny nanjavonany

Malaso iray, olona iray no maty, omby 30 tsy hita ny nanjavonany. Io no vokatry ny fanafihana malaso ny tanàna iray ny alin'ny talata lasa teo. Raha sendra nisakafo iny no tonga tampoka ireo malaso miisa 30 lahy. Tsy nisy alaharo fa ny valan'omby no nanaovan'ireto dahalo ireto ny asa ratsiny avy hatrany. Niezaka nanohitra ny zava-nisy ny fokonolona saingy be noho vitsy ary tsy mitovy ny hery teo am-pelatanana. Ny an'ireto olon-dratsy lefona sy basy fitaovampiadiana mahery vaika. Tanam-polo kosa ny an'ireo fokonolona. Ireo mpitandro filaminana somary miahotrahotra ihany satria vitsy. Dia nanao ny danin'ny kibony ireo malaso. Araka ny efa nambara teto, sakana ho an'ny fampandrosoana ny tsy fisian'ny fandriampahalemana. Manao antso avo amin' ny tomponandraikitra ireo mponina ao amin'ny tapany avaratry ny distrikan'Amboasary Atsimo hijerena izany tsy fandriampahalemana izany. Marihina fa na teo aza ny fampanantenana nataon'ny mpitondrana dia zary nofinofy fotsiny izany.

***Mangarahara***

Telma Coupe de Madagascar

## Alefa USCAFOOT

Ho tanterahana etsy amin'ny kianjaben'i Mahamasina rahampitso alahady, ireo lalao ankatoky ny famaranana roa, amin'ny baolina kitra fiadiana ny amboaran'i Madagasikara, fantatra amin'ny anarana hoe : Telma Coupe de Madagascar. Eo amin'ny lalao manasa-dalana voalohany ny USCAFOOT, ekipan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), hifandona amin' ny AS DEMA, izany lalao izany dia hanomboka amin'ny 12h30. Eo amin' ny lalao ankatoky ny famaranana faharoa, ny CNAPS Sport hifanandrina amin'ny Elgeco Plus. Hiady dia hiady tokoa ireo lalao roa ireo satria tarika samy manana ny hanitra ho azy izy 4 ireo. Na izany na tsy izany, anisan'ny tsara toerana hiakatra ny lalao famaranana ny USCAFOOT, ho tonga maro tokoa rahampitso ny mpiasan'ny kaominina hiatrika izany lalao izany, hoy izy ireo manao hoe : "alefa USCAFOOT", ny fahazoana ny amboaran'i Madagasikara no tanjona.



*Ny ekipan'ny CUA eo amin'ny baolina kitra.*

***Lita***

Observatoire de la Jeunesse

## Nikarakara sehatra nihaonan'ireo mpampandroso tanora

Nikarakara sehatra nihaonan'ireo mpisehatra amin'ny fampandrosoana ny tanora ny Observatoire de la Jeunesse omaly tao amin'ny Petit Palais Mahamasina. Izay no lohahevitra nanompanana ny hetsika. Ny fihaonana dia mahatonga ireo mpisehatra ho afaka mifanatona sy mifanakalo traik'efa. Voamarika mantsy fa tsy vitsy ireo manao hetsika fampandrosoana ny tanora ary zary lasa toa lamaody mihitsy aza izany amin' ny sehatra maro maneran-tany sy eto Madagasikara: politika, toe-karena, sosialy, kotloraly, sns… saingy raha ampitahaina ny fahamaroan'ny tolotra mihoatra ny fihatsaram-piainana eo amin'ny tanora dia toa tsy mifandanja velively. Maro ny fanontaniana apetrak'izany : ny fomba fiasa ve ? ny faharesen-dahatra ? ny fitantanana ? ny fangaraharana sy ny fahitsiana ve ?... Nivoitra tamin'ny fihaonana fa nifampaka lesona ireo mpiantsehatra ary mety hifandrindra mihitsy aza na koa hanatsara ny fomba fiasa amin'ny alalan'izay « soa fianatra » hifampizaràna izay. Ankoatra izany, nandritra ireo fikarohana nataon' ny Observatoire de la Jeunesse no nahitàna fa ny ankamaroan'ireo mpiantsehatra, na fanjakàna na tsy miankina, dia tsy afaka nandrefy sy nandanja akory ny zavabitany, anefa dia samy mahatsapa manao ezaka mafy izy ireo. Heveriny fa anton'ny farisarisan'ny fiantraikan'ireo ezaka natao izany fomba fanao izany ary mety handany hery sy entimanana fotsiny raha toa ka miorona amin'ny hoe « nahavita zavatra », nefa tsy manome lanja ny zava-bita sy mandrefy ny fiantraikan'izany maharitra. Ny Observatoire de la Jeunesse dia hanohy ny fanomezandanja ireo angombaovao, ny fikirakirana sy fanajariana izany ho refy enti-manova ny toe-javamisy. Antso no alefany amin'ireo mpiantsehatra isan-tsokajiny ny mba hametraka rindrandamina matotra hanaovana tombana sy fanjohina ary fanajariana ireo ezaka vita, mba hisian'ny fandrosoana azo tsapain-tanana eo amin' ny tanora Malagasy.

***Isambilo***

## SARIITATRA: Mavesa-danja i Dada




Esplanade Analakely

## Miroso ny fandaminana ireo mpivarotra amoron-dalana

Miroso tsikelikely amin'ny fandaminana ny mpivarotra amoron-dalana ny kaominina Antananarivo renivohitra (CUA), mba hanatsaràna endrika ny tanànan'Antananarivo renivohitra ho soa iombonan'ny Malagasy, araka ny teny filamatry ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana. Ankehitriny, niova endrika ny eo amin'ny Esplanade, ampitan'ny pavillon Analakely, izay nanombohana ny asa fanamboarana, satria niara-nientana ireo mpivarotra rehetra nanaraka ny fandaminana nataon'ny CUA amin'ny fanamboarana tsena vita amin'ny trano vy, izay ny mpivarotra ihany no manamboatra azy. Ny kaominina kosa no mandamina sy manome ny toerana hivarotan'izy ireo. Naneho ny hafaliany ireo mpivarotra satria tsy hanelingelina sy hanao sakoroka araka ny fitenin'ny tanora amin'ny fivondronana intsony izy ireo ; fa hitady vola am-pilaminana. "Marihina fa an-tsitrapo no nanaovanay ny fanamboarana ary tsy nisy vola naloa tamin'ny Kaominina na ariary aza araka ny feo miely fa izahay ihany no manamboatra ireo toeram-pivarotana vy ireo. Tsapanay fa mahasoa anay ny nataon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra tarihin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, koa isaoranay manokana izy amin'izany satria mitsimbina anay", hoy ireo mpivarotra. Arak'izany, afaka ny fahasahiran'ny mpivarotra amoron-dalana manamorona ny tsena vaovao eo amin'ny Espalanade ankehitriny.

***Helisoa***



Ben'ny tanànan'Ambatondrazaka

## Tsy tokony hisy handika lalàna, efa vofaritra ny toerana hanaovana fampielezan-kevitra

Efa voafaritra avokoa ireo toerana izay ahafahan'ny mpanao fampielezan-kevitra hanaovana izany, ka tsy tokony hisy intsony ny handika lalàna hoy ny Ben'ny tanànan' Ambatondrazaka, Rafidimanana Louis Felicité. Fantatra fa ao amin'ny La place ao Avaradrova atsimo, sy ao amin'ny kianja malalaka ao Ambohimiangaly ary ao amin'ny Stand central Avaradrova avaratra no ahafana manao izany raha ny eto anivon'ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra, araka ny nambarany ihany. Mila maka alalana mialoha ihany koa ireo hanao izany mba tsy hifanitsaka ny daty hoy ihany izy. Tsy azo atao dia tsy azo atao ny mamory vahoaka eny an-dalambe toy ny ao amin'ny kianja Jovenna satria voararan'ny lalàna hoy ny Ben'ny tanànan' Ambatondrazaka. Ankoatra izay dia tsy azo anaovana fampielezan-kevitra ihany koa ny ao amin'ny kianja Rasolonjatovo. Fantatra kosa anefa fa misy ireo kandidà izay manofa ny ao Betanimena izay fananan'olona manokana ka tsy idiran'ny kaominina, saingy tsy maintsy ahazoana alalana avy amin'ny tompony sy ny kaominina izany.

***Raoul***

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Rindra A

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**22/09/18 hatramin'ny 29/09/18**

- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 820-09-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

MPANDRAHARA FARITRA ANÔSY

## Vonona hanarina ny fizahantany

Manamarika ny andro iraisam-pirenena ho an'ny fizahantany i Fort Dauphin. Ny 27, 28, 29 septambra no nanatanterana izany. Hetsika maro no natao tamin'izany: valan-dresaka narahin' ady hevitra, fikatsahana ny fandriampahalemana ao amin'ny Pic Saint Louis. Toerana manana ny maha izy azy eo amin'ny sehatry ny fizahantany. Ity toerana ity mantsy, anisan'ny mahasarika mpizahatany noho izy mahatazana ny tanànan'i Fort Dauphin iray manontolo. Ireo mpizahantany vahiny no voasarikin'ny fitsangatsanganana eny amin'ity tendrombohitra iray ity. Noho ny tsy fandriampahalemana nisesy, tsy azo nandehanana intsony efa ho an-taonany maro ity Pic Saint Louis ity. Ny faharoa, ny fitsangatsanganana eny an-dranomasina, fijerena ireo trozona na baleines. Marihina fa tsy any avaratra ihany no maresaka sy malaza amin'ity trozona ity fa ny any Fort Dauphin ihany koa ary ny fanomanana ny fandraisana ny sidina vaovao mampitohy mivantana an'i Fort dauphin sy ny Nosy La Réunion ny 4 desambra izao. Izany rehetra izany no natao dia hanarenana ny tontolon'ny fizahantany. I Fort Dauphin, manan-karena amin'ny resaka fizahantany. Saika tonga niatrika ny fotoana ireo mpandraharaha tany an-toerana.

***Mangarahara***

CNAM

## Hanatanteraka ny EducCNAM etsy amin'ny Hotel Carlton

Hanatanteraka hetsika antsoina hoe EducCNAM etsy amin'ny Hotel Carlton Ampefiloha ny CNAM (Conservatoire National des Arts et Métiers), toeram-pampianarana ambony mamoaka diplaomampanjakana Frantsay, ny 4 ka hatramin'ny 6 oktobra ho avy izao. Loha-hevitra hitondrana izao hetsika izao hoy ny talem-paritry ny CNAM Madagasikara, Jocelyn Rasoanaivo dia ny hoe:"la formation supérieure à l'ère du numérique" na " ny fanofanana ambaratonga ambony sy ny fiatrehana ny nomerika". Hetsika maro ho fampahafantarana ny toeram-pampianarana ambony CNAM no hatao amin' izany, ho an'ireo tanora mpianatra liana handranto fianarana ao amin'ity foibempampianarana ambony ity, eo koa ireo kaonferansa samihafa hataon'ireo mpampianatra avy amin'ny CNAM avy any ivelany, sy hataon'ny ministry ny fampianarana ambaratonga ambony eto amintsika Profesora Rasoazananera Marie Monique. Ankoatra izany, efa misokatra ny fisoratana anarana ao amin'ity Oniversite ity amin'ny taompianarana 2018-2019, ao amin'ny foiben-toerany etsy amin'ny Maison des Produits 67 ha.

***Aly***

Tranombarotra Baolai

## Nahatonga entana vaovao lohalaharana amin'ny kalitao

Nohon'ny fotoan-tsarotra no lalovan'ny firenena, ho an'ny be sy ny maro dia nihemotra amin'ny volana Novambra ho avy izao ny fidiran'ny mpianatra. Ao anatin'ny vaninandro fialan-tsasatra tanteraka (grande vacance) izany izao ny tokantrano malagasy maro amin'izao fotoana izao. Ka tsy vitsy ny olona nisafidy ny hanavao ny entana ao an-tokantrano. Ao anatin'izany, maro ny magazay nanao ezaka manokana hanomezana fahafahampo ny daholo be, isan'izany ny Tranombarotra «Baolai ». «Vao nahatonga entana vaovao lohalaharana amin'ny kalitao izahay amin'izao fotoana izao, izay hita ao Bazar Be Toamasina, etsy Analakely : eo ampitan'ny Epp ao amin'ny «Zoma Center» sy Avenue de l'Indépendance ary Soarano: eo ampitan'ny Epp sy Firaisana ary ao amin'ny Seg ». Misy entana maro samihafa mifanandrify tsara amin'ny filany sy ny fahefam-bidin'ny tsirairay. Ao anatin'izany ny four micro-onde, Subwoofer, fer à lisser (volo), Télé Led - Réfrigérateurs et Congélateurs : garanti 1 an, lecteur Divx/dvd, machine à laver, Panneaux Solaires, Synthétiseur, Caméra de Surveillance à distance, Brushing, etc… hoy ny tompon' andraikitra. ». Ny vaninandro fialan-tsasatra (grande vacance) toy izao dia fotoana iray iarahan'ny fianakaviana mitorajofo, mandeha ho azy izany rehetra izany miaraka amin'ny entanta tsara kalitao.

***Aly***




*Entana tsara kalitao ao amin'ny Baolai.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 253**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0252)

***Mitsivalana***
- Tanalahy
- Ma (Miv) – Re (Miv)
- Renirano
- Analama(o)
- Tanàna
- Fanala (Miv)
- Aloa – (M)aro

***Mitsangana***
- Taratra
- Amena
- Nanao
- Alamina (Miv)
- Rana
- Alana
- Hena – Ar
- Ory (Miv) – Afo

### TENY MIFANARAKA **N° 253**




**Mitsivalana**

**1.** Tsy mahare **2.** Fanontaniana – Vady (Miv) **3.** Solfa – Maneho alahelo **4.** Fiantsoana ny tsirairay **5.** Miasa – Milaza fananana (Miv) **6.** Aminy – Metaly – Tsirinteny Mpifanao **7.** Toeram-pilalaovana **8.** Fanekena (Miv) – Ao amin'ny mozika **9.** Ajanony – Ao amin'ny mozika (BR) **10.** Tsiro – Miaraka @ fanoto

**Mitsangana**

**A.** Latsa-dranomaso **B.** Vizana – Tovona (Miv) – Tampisaka **D.** Sakafo – Milaza fotoana **E.** Efatra sy roa – Faranteny **F.** Notafiana **G.** Dokotera – Tsirinteny Iharana **H.** Nitambatra – Volana **I.** Andro maizina – Matoanteny **J.** Raharahany – Ao anatin'ny tiona **K.** Rora – Mandoro – Fiandohan'ny taona.

### Valiny Teny mifanaraka 0252

**Mitsivalana**

1 Sakaizanay 2. Maso (Miv) - Omena 3. Lambo - Ina 4. Bory 5. Feana - Lany (Miv) 6. Ringa (Miv) - Bala 7. Koa - Isa - Ay 8. Ha (Miv) - Bika (Miv) - IV 9. Ity - Ako 10. Ambalavao.

**Mitsangana**

A. Solafaka B. Asa - Mihogo (Miv) D. Kambana - TB E. Ambony - Aia F. Kinana (Miv) G. Zo - Sida H. Amy - Baby (Miv) I. Nenina - AA J. Ana - Alaiko K. Ia - Oviala (Miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny Depiote Horace sy ny DisTIM, nanamafy ny fefiloha teny Amorona.**





# TELMA COUPE DE MADAGASCAR

## DEMI - FINAL

***STADE MUNICIPAL MAHAMASINA***

**DIMANCHE 30 SEPTEMBRE 2018**

**12h30mn:**

**USCAFOOT**

**#**

**AS ADEMA**



**14h30mn:**

**CNAPS**

**#**

**ELGECO PLUS**

TONGAVA MARO HANOHANA NY EKIPANTSIKA **USCAFOOT**

---

REPO... MADAGASIKARA
*Fitia - Tanindrazana - Fandrosoana*

COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO
*******
MAIRE
*******
PREMIER ADJOINT AU MAIRE

No 317-CUA/M/AM.I.18

Antananarivo faha: 27 SEPT 2018

## FILAZANA

Ny Fiadidiana ny Tananan'Antananarivo dia mampahafantatra antsika <u>mpivarotra Analakely Pavillon sy ny manodidina ary ny mponina sy mpiantsena voakasika</u> fa ny Projet PIAA dia manatanteraka tetikasa goavana hanadio sy hanavao ny lakandrano Andriantany sy izay mifandray aminy dia ny fantsona be ambany tany « ovoïde » Analakely mandritra ny roa taona 2017-2019

Ny asa mikasika antsika Analakely manokana dia ity volana oktobra ity ihany hisorohana ny loza fihotsahan'ny arabe efa hita milempona amin'ny orambe voalohany ka ny arabe holoahana 4m ambanin'ny tany dia **ny arabem-panjakana mahitsy manoloana ny pavillon Analakely miantomboka ny tsangambato SIDA hatreny amin'ny Shoprite Analakely**. Tsy indray loanana avokoa anefa fa <u>misesy mifindra tsikelikely</u> mba ahafahan'ny olona mivarotra sy mivezivezy ihany **Ny CUA** sy ny Projet PIAA no miasa miaraka amin'ny Ministera MATSF, ny AGETIPA, ny SAMVA, ny APIPA, ny BRL, BEST, SOGEA/SATOM.Ny Fivoriana fanazavana fanampiny dia hotanterahina zoma 28 Septambra 2018 izao amin'ny 2ora sy sasany ao amin'ny salle de Mariage Firaisana Voalohany

Ampandrenesina ihany koa isika fa hisy Fiarabe Camions, Pelle mécanique sy engins maro mifamezivezy eto mandritra izany asa izany ka hiangaviana isika samy hitandrina toy ny fiambenana ny ankizy madinika milalao sy tantanana ,fanakisahana ny entana na fiara mibahana sns... Soa ho an'ny Tanana sy ny mponina ao aminy no notadiavina sy indro tanteraka ka samia mifampitsinjo.

Le Premier Adjoint au Maire
RABOASALAMA Emilien

<u>Andefasana:</u>

-Ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany
-Ny Lefitry ny Delegen'ny Boroborintany Voalohany
-Ny Tutelle Fokontany Boroborintany Voalohany
-Prezidan'ny Fokontany Analakely
-Ny lehiben'ny Tsena Analakely Pavilion

<u>Dika mitovy:</u>

-Ny Ben'ny Tananan'Antananarivo Renivohitra
-Ny Talen'ny Kabinetra Tananan'Antananarivo Renivohitra
-Ny Lefitra fahatelo ny Ben'ny Tananan'Antananarivo Renivohitra
-Ny Sekretera Jeneraly Tananan'Antananarivo Renivohitra
-[redacted] Talen'ny Urbanisme DUD, Ny Talen'ny Teknika DTP,
-Ny Talen'ny Fifamoivoizana DTMU, Ny talen'ny Lalàna DJC

---

COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO

Antananarivo faha- 25 SEPT 2018

## FILAZANA

Ny Fiadidiana ny Tananan'Antananarivo dia mampahafantatra antsika <u>mponina voakasika</u> amin'ny Boriborintany faha-4, Voalohany, faha-3 ary faha-6 fa ny Projet PRODUIR dia hanatanteraka tetikasa goavana hanadio ny lakandrano C3 mandritra ny dimy taona 2018-2023. Miara-miasa amin'ny CUA anatin'izany Projet PRODUIR izany ny Ministera MATSF, Ministeran'ny Environnement, Ministera Misahana ny ara-Tsosialy, ny Agetipa, ny Samva, ny Apipa, ny Génie Rural, ny BRL, ... Ampandrenesina isika fa hisy Fiarabe Camions, Pelle mécanique sy engins maro mifamezivezy manamorona ny canal C3 manontolo hanatanterahana izany ka hiangaviana ny isan-tokatrano handray ny fepetra rehetra amin'ny fitandremana momba izany toy ny fiambenana ny ankizy madinika milalao, fanesorana ny entana na fiara mibahana sns...

Antso no alefa amintsika mponina rehetra amoron'izany lakandrano C3 izany mba tsy hikitika intsony ny moron'izany miatomboka ao amin'ny dobobe roa Anosibe sy Namontana, mihazo an'i 67ha CENAM-Ankasina hatrany amin'ny fiampitan'ny C3 amin'ny lalam-baovao, Andraharo, Anosivavaka. Hisy lalan'ny fiara daholo iny morony iny Ankavia sy Ankavanana mba ahazoana mitaona ny fotaka raofina avy ao aminy mandavataona ary koa ho fivezivezen'ny mponina manana fiara monina eny. Tsy azo atao ny manorina trano na fefy, na dia vita amin'ny hazo aza.

Ny Prezidan'ny Fokontany tsirairay amin'iny fandalovan'ny lakandrano C3 hodiovina iny dia efa nahazo ny toromarika momba izany. Efa misy rindrandamina vitan'ny Prezida avy sy ny Projet PRODUIR ho an'ny isam-pokontany ka aoka samy hanontany ny Prezidany avy ny mponina momba ny fitandremana hatao sy ho an'ny fanazavana fanampiny.

Secrétaire Général
...RAZAFIMAHEFA

<u>Andefasana :</u>

- Delegen'ny Boriborintany Voalohany
- Delegen'ny Boriborintany Fahatelo
- Delegen'ny Boriborintany Fahefatra
- Delegen'ny Boriborintany Fahaenina
- Ny Tutelle Fokontany Boriborintany I, III, IV, VI
- Prezidan'ny Fokontany rehetra voakasiky ny Projet PRODUIR

Kopia:

- Ny Ben'ny Tananan'Antananarivo Renivohitra
- Ny Tale Jeneralin'ny Fanajariana ny Tany MATSF
- Ny Talen'ny Kabinetran'ny Tananan'Antananarivo
- Lefitry ny Ben'ny Tananan'Antananarivo Renivohitra
- Ny Talen'ny Serasera DIRCOM, Ny Talen'ny Urbanisme DUP, Ny Talen'ny Teknika DTP
- Ny Talen'ny Sosialy DAS, Ny Talen'ny Fifamoivoizana DTMU, Ny Talen'ny Lalàna DJC
- Ny Talen'ny Insertion Sociale Ministera miahy ny ara-Tsosialin'ny mponina
- Ny Talen'ny SAMVA, Ny Talen'ny APIPA